### Eo amin' ny Fery amin' ny Tànany Havanana

Ry Jeso Mifantsika, Tompoko maha-tehotia indrindra, inty aho miankohoka amim-panetren-tena miaraka amin' ny Virjiny Masina Maria sy ny Anjely ary ny Olomasina rehetra any an-danitra, mitsaoka ny Fery Masina indrindra eo amin' ny Felatànanao Havanana. Misaotra Anao aho noho ny fitiavana lehibe tsy misy fetra nitaona Anao hiaritra ny fangirifiriana tsy roa aman-tany izay niaretanao mba ho onitry ny fahotako izay ankahalaiko izao amin' ny foko am-panahiko rehetra. Mitalaho aho, omeo ny Eglizinao ny fahasoavana ilainy ho entiny mandresy ny fahavalony, ary omeo fahasoavana koa ny zanany rehetra mba handeha amin' ny lâlan' ny fahamasinana eo amin' ny fitandremana ny Didinao Masina.

*Rainay... Arahaba... Voninahitra.*

### Eo amin' ny Fery amin' ny Tànany Havia

Ry Jeso Mifantsika, Tompoko maha-tehotia indrindra, inty aho miankohoka amim-panetren-tena miaraka amin' ny Virjiny Masina Maria sy ny Anjely ary ny Olomasina rehetra any an-danitra, mitsaoka ny Fery Masina indrindra eo amin' ny Felatànanao Havia, ary mangataka famelana Aminao ho an' ny mpanota mahantra sy ho an' izay eo ambavahaonan' ny fahafatesana, indrindra ho an' ireo tsy mety mihavana Aminao.

*Rainay... Arahaba... Voninahitra...*

### Eo amin' ny Fery amin' ny Tongony Havanana

Ry Jeso Mifantsika, Tompoko maha-tehotia indrindra, inty aho miankohoka amim-panetren-tena miaraka amin' ny Virjiny Masina Maria sy ny Anjely ary ny Olomasina rehetra any an-danitra, mitsaoka ny Fery Masina indrindra eo amin' ny Tongotrao Havanana, ary mangata-tsodrano Aminao mba hampitrebona Olomasina betsaka amin' ny Pretra sy ireo rehetra izay nanokan-tena ho Anao.

*Rainay... Arahaba... Voninahitra...*





### Eo amin' ny Fery amin' ny Tongony Havia

Ry Jeso Mifantsika, Tompoko maha-tehotia indrindra, inty aho miankohoka amim-panetren-tena miaraka amin' ny Virjiny Masina Maria sy ny Anjely ary ny Olomasina rehetra any an-danitra, mitsaoka ny Fery Masina indrindra eo amin' ny Tongotrao Havia, ary mangataka Aminao mba hanafaka ny fanahin' ny olo-marina mbola ao amin' ny afo fandiovana, indrindra ireo izay nanaja sy nitia ny Ferinao Masina fony fahavelony tetý an-tany.

*Rainay... Arahaba... Voninahitra...*

### Eo amin' ny Fery eo an-danivohony

Ry Jeso Mifantsika, Tompoko maha-tehotia indrindra, inty aho miankohoka amim-panetren-tena miaraka amin' ny Virjiny Masina Maria sy ny Anjely ary ny Olomasina rehetra any an-danitra, mitsaoka ny Fery Masina indrindra eo amin' ny Lanivohonao, ary mangataka Aminao mba hitahy sy hamaly ny vavaka ataon' izay rehetra mangataka fivavahana amiko ho azy ireo.

*Rainay... Arahaba... Voninahitra...*

℣. — Ry Virjiny vonton' alahelo.

℟. — Mivavaha ho anay.

*(Averina in-telo).*

Ry Jeso Mifantsika, ekeo ka valio ny vavaka ataoko noho ny soa avy amin' ny Fijalianao. Omeo ahy ny fahamasinam-piaina sy ny fahasoavana hahazo ny Sakramenta Masina eo amin' ny fotoana farany hahafatesako ary ny fiainana mandrakizay.

*(Indolzansy 3 taona isaky ny manao ity Fivavahana ity, ary indolzansy manontolo raha feno iray volana no anaovana azy tsy tapaka.*

Ny Firaisan' ny Katesist' i Jeso Mifantsika sy i Maria Tsy Azon-keloka, naorin' i Frera Teodoreto tamin' ny taona 1914, dia Fikambanambe iray fileovana sy mifandray tendro amin' ny Fikambanamben' ny Frères des Ecoles Chrétiennes, natao ho an' ny olona mitoetra amin' izao tontolo izao, izay mikatsaka mba hanamafy sy hampiely ny voka-tsoa azo amin' ny Fampianarana kristianina, hampitrebona ao am-pon' ny Katolika indrindra ny tanora ny toe-tsaina hivavaka, hanao fampodian-kaja ary hanana zotom-po masina.

Mikatsaka manokana izy mba hampiely ny fanajana sy fitiavana an' i Jeso Mifantsika, ny fahamarinana, ny toe-tsaina tena kristianina eo amin' ny mpiara-monina aseho amin' ny fitondrantena lavorary, amin' ny fampianarana sy fanabeazana kristianina, amin' ny gazety, ary amin' ny asa rehetra mikendry an' izany.

Ity Fikambanambe ity dia natao ho an' ny Lahika ihany izay mikasa marina hanaraka ny toe-piainana tena kristianina. Mizara toy izao izy :

1° Ny Katesista Mpikambana izay manaraka ny toetra lavorary voarindra ao amin' ny Evanjely.

2° Ny Katesista Mpiombona izay manaraka ny lalàn' ny fanambadiana nefa miombon-kevitra amin' ny Fikambanambe noho izy manatontosa fitsipika manokana.

Ireo Kristianina tsotra kosa manaiky ny hanao isan' andro ny Fivavahana amin' i Jeso Mifantsika sy hanampy ny Firaisana dia azo raisina amin' ny sokajin' ny Nisoratra Anarana, na Mpampazoto.

Ny atao hoe Mpampazoto dia izay rehetra manaiky hanao isan' andro ny Fivavahana amin' i Jeso Mifantsika, sy mampiely azy, manao Komonio matetika, isam-bolana ahay, tonga manatrika ny Fivorian' ny Mpampazoto ary manampy araky izay azony atao ny asa karakarain' ny Firaisana.

Ireo Nisoratra Anarana fotsiny kosa dia ireo izay manao isan' andro koa ny Fivavahana amin' i Jeso Mifantsika.

Na ny Mpampazoto na ireo Nisoratra Anarana fotsiny, dia mandray anjara amin' ny tombon-tsoa am-panahy vitan' ny Fikambanambe sy ireo Fikambanan-dRelijiozy mifandray tendro aminy.



Ny Firaisan' ny Katesista dia mampiely maimaim-poana ny taratasy misy ny Fivavahana amin' i Jeso Mifantsika amin' ny fiteny maro samihafa amin' izao tontolo izao, ary mikendry hampiorina azy ao am-pon' ny olona be fitiavana.

Mba ho voaray amin' ny sokajin' ny Mpampazoto na ireo Nisoratra Anarana, na koa te-hahazo ny taratasy misy ny Fivavahana amin' i Jeso Mifantsika, dia azo atao ny manoratra na manoratra ao amin' ny : « Ecole St Joseph Mahamasina Est », Tananarive.

---

## TSO-DRANO MANOKANA AVY AMIN' NY PAPA

Mitalaho amin' ny Tompo izahay, mba handrotsaka fahasoavana amin' ny Mpitondra sy ireo Nisoratra Anarana mivondrona ao amin' ny Firaisana Masin' i Jeso Mifantsika izay Foibe miorina ara-dalàna ao TURIN (Italie) satria ny Pretra amin' ny toriteny sy ny toetra fakan-tahaka omeny, ary ny kristianina amin' ny fanamasinan-tena dia tsy maintsy ho « Mpitory sy vavolombelon' i Jeso-Kristy sy ny Hazo Fijaliana » (Prædicare Jesum Christum et hunc Crucifixum).

Nomena tao Vatican tamin' ny 18 zanvie 1915
Benedictus P.P. XV.

| Nihil obstat | Imprimatur |
|---|---|
| 3 novembre 1963 | 3 novembre 1963 |
| R.P. RAMPANOELINA | R.P. RAMPANOELINA |
| Vicaire général. | Vicaire général. |

Malagasio

# FIVAVAHANA FANAJANA AN' I JESO MIFANTSIKA

Ity Fivavahana ity dia nosoratan' i Frera Léopoldo Musso, O.F.M. teo ambany fitarihan' i Jeso azy. Ny zavatra kendren' ity fomba fanajana an' i Jeso Mifantsika ity dia mba hampahatsiaro ny mpino ny fototry ny fiainana kristianina, ary koa :

1° hampiorina ao am-pon' izy ireo ny fahalalana ny fitiavana an' i Jeso Mifantsika ;

2° hitarika ny olon-drehetra na ambany na ambony hanana toe-piainana tena kristianina sy hamporisika azy handray Sakramenta ;

3° Hanao fampodian-kaja noho ny fahotana, indrindra izay atao amin' ny Jeso Mifantsika, toy ny fanesorana ny sariny amin' ny trano, ny sekoly ary ny fon' ny olona ets . . .

Noho ny fanenenana sy fitiavana aterak' ity Fivavahana ity dia mampahatsiaro indrindra izy izay ataon' ny Eglizy amin' ny Zoma Masina, ka manjary asa fanorenana miely hatraiza hatraiza.

Ny « Frères des Ecoles Chrétiennes » amin' ny alàlan' ny Firaisan' ny Katesist' i Jeso Mifantsika sy i Maria Tsy Azon-keloka no tompon' anjara mampiely ity Fivavahana ity eran-tany.

### Indolzansy

Ity Fivavahana ity dia efa nampidirin' ny Eglizy ho anisan' ireo fivavahana nankatoaviny sy nomeny indolzansy sy tombontsoa hafa taty aorina indray. Ka toy izao avy ny indolzansy azon' izay manao azy :

1° Indolzansy telo taona isaky ny manao.

2° Indolzansy manontolo indray mandeha isam-bolana amin' ny andro nofidin' ny tena raha nanao azy isan' andro mandritry ny volana.

3° Indolzansy manontolo amin' ny Zoma Masina.

4° Indolzansy manontolo amin' ny « Andro » natokana hanajana an' i Jeso Mifantsika atao akaiky ny fiangonana, na lasapely, na tranon-drelijiozy ets.